Faritra Menabe

## Zandary kômandina brigady iray nosamborina



Mamamboninahitra iray commandent de brigade, na komandina brigady ny zandarimiaria ny Kaominina ambanivohitr'i Befasy ato amin'ny distrikan'i Morondava, no nosamborina, ka atao fanadihadihana any amin'ny Groupement Menabe amin'izao, noho ny voalaza fa fisian'ny firaisana tsikombakomba amin'ny mpangalatra omby. Ny faha- efatry ny volana oktobra 2021 dia nisy omby 42 halatra tratra tao Befasy tamin'Andriamatoa Clément, ka rehefa vita ny fanadihadiana dia tsy i Clément no nentina nalefa hatolotra ny fampanoavana, fa nosoloina olon-kafa, izay tsy nanao ilay halatra, ka afaka madiodio io olona rehefa tonga teo amin'ny fitsarana. Ny antony nanoloana an'i Clément dia satria izy dia efa mpamerin-kelika ary mbola manana sazy mihantona amin'izao, ka mba hahafahany miala tsy miseho eo anivon'ny fitsarana dia nisy ny fandoavana vola, nahafahana nanolo an' Andriamatoa Clément. Tratra izany rehefa nanao ny fanadihadiana ny teo anivon'ny Bianco, isan' ireo voalaza fa nandray vola mikasika izany ity CB ity, ka rehefa nandeha ny fanadihadiana dia nitsoaka ity CB ity ary izao tratra izao ihany. Efa atao fanadiadiana eo anivon'ny zandarimaria sy ny Bianco moa izy izao ; ireo omby 42 kosa dia efa naverina amin'ny tompony avokoa.

***Jean Patrick R.***

Fahasalamana

## Miha-miverina mirongatra koa ny covid-19 any Fianarantsoa




Ankoatra ny any amin'ny faritra Menabe, any Morondava, sy any amin'ny faritra Vakinankaratra any Antsirabe, mitombo ihany koa amin'izao fotoana ireo voan'ny valanaretina coronavirus any amin'ny faritra Matsiatra Ambony, any Fianarantsoa. Miha-miverina mirongatra indray koa ny valanaretina covid-19 any Fianarantsoa amin'izao fotoana izao. Araka ny vaovao voaray dia olona 02: lehilahy sy vehivavy efa nahazoazo taona no namoy ny ainy ny sabotsy 27 novambra sy ny alarobia 01 desambra teo, noho ity valanaretina ity. Ampolony ihany koa ireo voasokajy ho ao anatin'ny tranga misy fahasarotana. Re sy hita mivezivezy matetika mitatitra marary mankany Andrainjato ny fiara mpitondra marary. Efa misy ihany koa ireo sekoly nampiato ny fampianarana toa ny Kolejy René Cassin ao Isaha, noho ny fisian'ny tranga covid-19 ao an-toerana. Manentana antsika rehetra tsy ankanavaka hatrany, hanaja ny fepetra sakana ara-pahasalamana, mba hahafahana miady indray amin'ny fiparitahan'ity valanaretina ity.

***Niaina***

Faritra Menabe

## Naiditra am-ponja koa ny ben'ny tanànan'Ankilizato

Niampy iray indray ny ben'ny tanàna naiditra am-ponja any amin'ny faritra Menabe. Naiditra am-ponja vonjimaika ny Ben'ny tanàna ny kaomininina ambanivohitra Ankilizato distrikan'i Mahabo, izay voafidy tamin'ny alalan'ny tsy miankina rehefa voarohirohy ho nihinam-bolampanjakana, sy nanao kolikoly ary nanararao-pahefana, satria dia ny desambra 2019 ka hatramin'ny janoary 2020 dia tsy niova mihintsy ny vola tao amin'ny kitapom-bolan'ny kaomininina Ankilizato. 16 mianadahy mianaka izy ireo no natao fanadihadiana, ka 05 no naiditra am-ponja, anisan'izany ny Ben'ny tanànan'ny kaomininina ambanivohitra Ankilizato sy ny lefiny faharoa ary ny mpitam-bola teo aloha sy ny mpitam-bola vaovao. Raha tsiahivina dia vao tsy ela akory izay no nisy olona nanao antso avo tao amin'ny Facebook noho ny fanararaotam-pahefana ataon'ingahy Ben' ny tanàna ity.



*Ny biraon'ny kaomininina Ankilizato any Mahabo.*

***Jean Patrick R.***

Vovonan'ny Sekoly Tsy Miankina

## Mikorosy tanteraka ny fanabeazana eto amintsika

Naneho ny heviny mahakasika ny tontolon'ny fanabeazana sy ny fampianarana eto amintsika amin'izao fotoana, ny Vovonan'ny Sekoly tsy Miankina eto Madagasikara tamin'ny alalan'Andriamatoa C élin Rakotomalala. Nambarany fa mikorosy fahana tanteraka amin'izao fotoana ny fampianarana eto amintsika, tsy mbola nisy teto hatramin'izay izany taom-pianarana na calendrier scolaire tsy misy datim-panadinana izany hoy ity mpanabe ity. Programam-pampianarana ihany koa hoy izy tsy misy, nefa ny fandaharam-potoana avoaka. Loza mihantona hoy ny mpianatra, ny mpampianatra ny ray aman-dreny, hoy ihany ity talem-paritry ny fanabeazam-pirenena tamin'ny faritra Analamanga teo aloha, ny tsy fisian'ny datim-panadinana hatramin'izao. Ny tsy fampitovian'ny fitondrana ny fanampiana atao amin'ny sekolim-panjakana, sy ny tsy sekoly tsy miankina ihany koa dia anisan'ny vato misakana amin'ny fampandrosoana ny fanabeazana sy ny fampianarana eto Madagasikara.

***Aly***



Mpiaro ny zon'ny mpanjifa

## Hidina an-dalambe amin'ny zoma 10 desambra ho avy izao


Manoloana ny fiakaran'ny vidim-piainana tsy misy farany, izay iainan'ny vahoaka Malagasy ankehitriny dia nampiaka-peo ireo mpiaro ny zon'ny mpanjifa, fa tsy zaka intsony ny fahasahiranana mahazo ny mponina manoloana izany . Araka izany dia tafapetraka omaly teny amin' ny Biraon' ny Prefektoran' ny Polisy eto Antananarivo, ny taratasy fampahafantarana ny hetsika fidinana an-dalambe hataon'ny Mpiaro ny Zon' ny Mpanjifa sy ny Olom-pirenena, izay hatao ny Zoma 10 desambra 2021 ho avy izao.
Noho ny tsy fisian' ny kianjan'ny demokrasia ahafahana maneho hevitra, dia nangataka ny kianjan'ny 13 mey Analakely izy ireo. Marihina fa efa nampahafantarina ny sehatra iraisam- pirenena izao hetsika izao, izay naterina teny Andraharo misy ny Biraon' ny Firenena Mikambana ny taratasy mikasika izany.

***Helisoa***



*Ny solontenan'ireo Mpiaro ny Zon'ny Mpanjifa.*

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Mihary R.